*FICHE DE PROJET*

*ASCENT MADAGASCAR – Accelerating Sustainable and Clean Energy Access Transformation*

**Programme régional d'accélération de l'accès à l'énergie durable en Afrique (ASCENT) – Contribution à l'initiative Mission 300**

| Rubrique | Description |
|---|---|
| **Nom du projet** | Accelerating Sustainable and Clean Energy Access Transformation (ASCENT) Madagascar |
| **Pays** | République de Madagascar |
| **Institution financière** | Banque mondiale – Association internationale de développement (IDA) |
| **Type d'instrument** | Programme-for-Results (PforR) combiné avec Investment Project Financing (IPF) |
| **Montant du financement** | • 250 millions USD (IDA) |
| **Période de mise en œuvre** | 2026 – 2030 |
| **Objectif de développement** | Accroître l'accès à une énergie durable et propre à Madagascar et améliorer la performance financière de la compagnie nationale d'électricité JIRAMA. |
| **Contexte sectoriel** | Madagascar présente l'un des taux d'accès à l'électricité les plus faibles d'Afrique subsaharienne, avec environ 36 % de la population ayant accès à l'électricité. La croissance démographique rapide et la demande énergétique croissante exercent une pression sur des infrastructures déjà fragiles. |
| **Objectif national** | Le gouvernement vise un accès à l'électricité de 80 % de la population d'ici 2030 dans le cadre de sa stratégie de transformation du secteur énergétique et 50% de taux d'utilisation de solution de caisson propre |
| **Justification du projet** | Le projet ASCENT vise à soutenir les réformes du secteur énergétique, mobiliser les investissements publics et privés et accélérer l'accès à l'électricité et aux solutions de cuisson propre. |
| **Résultat principal attendu** | Plus de 2,5 millions de personnes devraient bénéficier d'un accès direct à l'électricité grâce aux nouvelles connexions d'ici 2030.<br>Pour la Cuisson propre, on vise l'adoption de solution de caisson propre par 50% de la population d'ici 2030 |
| **Impact environnemental** | Réduction estimée de 80 millions de tonnes d'émissions de $CO_2$ grâce au développement des énergies renouvelables et des solutions de cuisson propre. |
| **Composante 1** | Extension de l'accès à l'électricité : développement des réseaux de distribution, nouvelles connexions et renforcement des infrastructures électriques. |
| **Composante 2** | Déploiement de solutions énergétiques décentralisées : mini-réseaux, systèmes solaires domestiques et hybridation solaire des centrales isolées. |
| **Composante 3** | Amélioration de la performance de JIRAMA : modernisation du réseau, réduction des pertes techniques et commerciales et renforcement de la gestion financière. |

| | |
|---|---|
| **Composante 4** | Électrification productive et sociale : accès à l'électricité pour les centres de santé, écoles et infrastructures publiques ainsi que le soutien aux activités économiques rurales. |
| **Composante 5** | Promotion des solutions de cuisson propre : diffusion de technologies de cuisson propres via des mécanismes de financement basés sur les résultats. |
| **Bénéficiaires principaux** | • Ménages urbains et ruraux,<br>• Entreprises locales,<br>• institutions publiques (écoles, centres de santé) ainsi que les femmes et les jeunes. |
| **Institutions de mise en œuvre** | • Ministère de l'Énergie et des Hydrocarbures (MEH),<br>• Agence de Développement de l'Électrification Rurale (ADER),<br>• JIRAMA<br>• Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) |
| **Approche de mise en œuvre** | Financement basé sur les résultats avec indicateurs de décaissement (DLIs) vérifiés par un système de suivi/verification indépendant des performances. |
| **Partenariats** | Coordination avec les partenaires techniques et financiers et contribution à l'initiative « Mission 300 », visant à fournir de l'électricité à 300 millions d'Africains d'ici 2030. |
| **Principaux risques** | Capacités institutionnelles limitées, contraintes financières du secteur énergétique, mix énergétique fragile, accès limité aux technologies de cuisson propre, défis techniques liés à la modernisation des infrastructures et risques climatiques. |
| **Mesures d'atténuation** | Renforcement des capacités institutionnelles, assistance technique, réformes sectorielles et suivi renforcé des performances. |

**FINTINA TETIKASA**
**ASCENT MADAGASCAR**

**Anaran'ny tetikasa :** Fanovàna haingana ho amin'ny fahazoana angovo madio sy maharitra (ASCENT) Madagasikara

**Firenena :** Repoblikan'i Madagasikara

**Mpamatsy :** Banky Iraisam-pirenena – Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA)

**Karazana famatsiam-bola :** Programme-for-Results (PforR) miaraka amin'ny Investment Project Financing (IPF)

**Teti-bola famatsiana :** 250 tapitrisa dolara amerikana (IDA)

**Fe-potoana fanatanterahana :** 2026 – 2030

**Tanjon'ny fampandrosoana :** Hampitombo ny fahazoan'ny mponina angovo madio sy maharitra eto Madagasikara ary hanatsara ny fahombiazan'ny orinasa nasionaly mpamokatra sy mpizara herinaratra JIRAMA.

**Sehatra iorenana :** Madagasikara dia isan'ireo firenena manana taha ambany indrindra amin'ny fahazoana herinaratra aty Afrika atsimon'i Sahara, manodidina ny 36%-n'ny mponina no mahazo herinaratra. Ny fitomboan'ny mponina sy ny filàna angovo dia mampitombo tsindry amin'ireo fotodrafitrasa marefo efa misy.

**Tanjona nasionaly :** Ny Governemanta dia mikendry hahatratra 80%-n'ny mponina mahazo herinaratra amin'ny taona 2030 ary 50%-n'ny mponina mampiasa vahaolana fandrahoan-tsakafo madio.

**Antony maha-zava-dehibe ny tetikasa :** Ny tetikasa ASCENT dia hanohana ny fanavaozana ny sehatry ny angovo, hanetsika fampiasam-bolam-panjakana sy tsy miankina ary hanafaingana ny fahazoana herinaratra sy vahaolana fandrahoan-tsakafo madio.

**Vokatra andrasana :** Olona mihoatra ny 2,5 tapitrisa no hisitraka fidirana mivantana amin'ny herinaratra amin'ny alalan'ny fifandraisana vaovao hatramin'ny 2030; kendrena ihany koa ny hampanjaka ny fampiasana vahaolana fandrahoan-tsakafo madio ho an'ny 50%-n'ny mponina.

**Fiantraikany ara-tontolo iainana :** Tombanana hihena hatramin'ny 80 tapitrisa taonina ny entona $CO_2$ noho ny fampiroboroboana angovo azo havaozina sy vahaolana fandrahoan-tsakafo madio.

**Singa 1 :** Fanitarana ny fahazoana herinaratra: fampandrosoana tambajotra fitsinjarana, fifandraisana vaovao ary fanamafisana fotodrafitrasa elektrika.

**Singa 2 :** Fametrahana vahaolana angovo mitsinjara: tambajotra madinika, angovo azo avy amin'ny masoandro ho an-tokantrano ary famokarana angovo azo avy amin'ny masoandro hiarahamokatra amin'ny tobim-pamokarana angovo azo avy amin'ny solika ho an'ireo tobim-pamokarana mitoka-monina.

**Singa 3 :** Fanatsarana ny fahombiazan'ny JIRAMA: fanavaozana tambajotra, fampihenana fatiantoka ara-teknika sy ara-barotra ary fanamafisana ny fitantanana ara-bola.

**Singa 4 :** Fanomezana herinaratra ho an'ny famokarana sy sosialy: ho an'ny tobim-pahasalamana, sekoly, fotodrafitrasa iombonana ary fanohanana ny asa fiveloman'ny eny ambanivohitra.

**Singa 5 :** Fampiroboroboana ny vahaolana fandrahoan-tsakafo madio amin'ny alalan'ny rafitra famatsiam-bola miankina amin'ny vokatra azo.

**Mpahazo tombontsoa :** Tokantrano an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra; orinasa eo an-toerana; andrim-panjakana (sekoly, tobim-pahasalamana); vehivavy sy tanora.

**Andrim-panjakana mpanatanteraka :** Minisiteran'ny Angovo sy Akoranafo (MEH); ADER; JIRAMA; Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF).

**Fomba fanatanterahana :** Famatsiam-bola miankina amin'ny vokatra azo miaraka amin'ny tondro famoahana vola (DLIs) hamarinin'ny rafitra tsy miankina fanaraha-maso sy fanamarinana.

**Fiaraha-miasa :** Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, fandraisana anjara amin'ny hetsika Mission 300.

**Fanamby sy risika :** Fahabangana ara-pahaiza-manao, fahasahiranana ara-bola eo amin'ny sehatra angovo, faharefoan'ny mix énergétique, fahafahana misitra teknolojia fandrahoan-tsakafo voafetra, tandindon-doza ara-toetrandro.

**Fepetra fanalefahana :** Fanamafisana fahaiza-manao, fanohanana ara-teknika, fanavaozana rafitra sy sehatra ary fanaraha-maso akaiky ny zava-bita.